

ALAHADY - faha 13 - TAONA D2022



IZAY MANARA-DIA AN'I JESOA NO TENA OLONA AFAKA....

Ry Kristianina havana, ao anatin'ny mandavan-taona isika ary atolotry ny Eglizy ho banjinintsika ny vôkasiona mba ahafahantsika tsirairay handinika ny vôkasionsika. Indrindra miatrika izao sinaody izao isika ary manomana ireo fanamasinana sy voady eto anivon'ny diosezintsika. Samia àry samy mandini-tena ary indrindra fa manana adidy amin'ny vôkasion'ny hafa ianao. Izany indrindra no hafatra ao amin'ny vakiteny voalohany.

Ny tantaran'ny fiantsan'i Elizea ho mpaminany mandimby an'i Elia no rentsika tamin'ny vakiteny voalohany. Andriamanitra no miantso, mifidy azy ho mpitondra ny hafany.

Vakiteny I : 1 Mpanj 19, &-; 19-21

Tononkira : Salamo 15

Vakiteny II : Gal. 5, 1; 13-18

Evanjely : Lk.9, 51-62

Tamin'ny alalan'i Elia no nifidianan'ny Tompo azy: Hosory ho mpaminany handimby anao i Elizea zanak'i Safata, avy any Abela Meholà. Fantatry ny Tompo tsara ny momba azy : sady mpamboly no

mpiandry omby ; avy amin'ny fiianakaviana manana ny ampy tamin'ny fotoan'androny. Teo am-pandroahana ireo ombiny izy no nohatonin'i Elia ary nanipazany ny "akanjobeny", izay mariky ny maha-mpaminany, ny fahamendrehana sy ny fahefana tamin'ny Tompo. Ny fihetsika nataon'i Elia dia midika fa ho lasa mpaminany handimby azy izy, miampy izany koa ny "fanosorana" araka ny efa nambaran'ny Tompo. Fampianarana lalina ho antsika io tantaran'i Elizea satria mametraka tsara ny andraikitra ireo manodidina amin'ny resaka vôkasiona. Marina Andriamanitra miantso fa mila tontolo itsirian'izao vôkasiona izao. Matetika isika manontany maninona Eglizy Iraka sasany tsy misy vôkasiona ? Tsara samy mandinika ny tontolo manodidina isika...

Tohizantsika ny famakiana io tantaran'ny vôkasion'i Elizea io. Fahiny dia misy fifandraisana lalina amin'ny maha-izy azy ny tena ny « akanjobe ». Na amin'ny fomba amam-panao malagasy amin'ny foko sasan-tasany aza dia ahitana taratra an'izany, raha toa ka maty ny raim-pianakaviana dia omena ny zanaka lahimatoa ny akanjobeny, izay midika famindrana fahefana sy fahendrena ary fanankinana aminy ny fitantanana ny fianakaviana manontolo. Raha hiverina amin'ny tantaran'i Elizea isika, amin'ny tohin'ny tantara, dia noho ity akanjobe ity dia nahavita fahagagana sy fanasitranana toa an'i Elia izy.

Ny fihetsika nataon'i Elia taminy tamin'izy nanipazan'i Elia ny "akanjobeny » dia midika ny fandraisany sy fananany ny fanomezana maha-mpniny avy amin'ny Tompo. Ny fanomezana akanjo koa dia midika fananana fifandraisana lalina: manomboka eto dia nanana fifandraisana mafy orina i Elia sy Elizea

Nilaozan'i Elizea ny ombiny, dia nihazakazaka nanaraka an'i Elia izy nanao hoe: Aoka handeha hanoroka an'i Dada sy i Neny aho, dia hanaraka anao. Neken'i Elia ny fangatahany: "Mandehana miverina, fa maninona anao moa aho?" dia toa tsy nataon' i Elizea akory aza izany! Namono omby roa i Elizea ary nahandro ny hena sy nanome azy ho an'ny olona vao niainga nanaraka an'i Elia sy nanompo azy. Mariky ny fisaorana an'Andriamanitra tamin'ny nifidianany azy ho mpaminaniny izany. Nalala-tanana tokoa i Elizea, nasehony koa ny mahazava-dehibe ny fiombonany sy ny firaisany amin'ny vahoaka manontolo. Mpaminany ho an'i Israely manontolo izy fa tsy ho an'ny foko iray fotsiny akory. Mpaminany ho an'ny vahoaka sy eo anivon'ny vahoaka. Haka tahaka an'izany tokoa anie ireo rehetra ao amin'ny fandraharahana masina: Papa, Eveka, Pretra, Diakra. Tsara anefa ny manamarika fa ny olona no nanao fety fa i Elizea lasa nanaraka an'i Elia. Fampianarana ho antsika izany rehefa manara-dia an'i Jesoa dia tsy vonona hahafoy ary handao ny manodidina. Ampahatsiahivin'i Jesoa izany amin'ny Evanjely.

Taorian'ny fitoriana ny Vaovao Mahafaly tany Galilea, nony efa antomotra ny andro tsy maintsy hanalàna an'i Jesoa, dia nanapa-kevitra ho any Jerosalema izy, satria any no hanatontosany ny fandaharam-pitiavan'ny Ray ho an'ny olombelona rehetra, tamin'ny Misterin'ny Pakany. Tamin'ny fiakarany niaraka tamin'ireo mpianany ho Jerosalema dia nandefa iraka hialoha azy izy mba hanomana ny fandraisana Azy, kanefa tsy nandray ireo Samaritanina. Tsy mifankahazo ny Jody sy ny Samaritanina ka dia tsy mahagaga loatra ny tsy nandraisan'izy ireo an'i Jesoa. Nony nahita izany i Jakôba sy i Joany dia nanontany tamin'i Jesoa hoe: "*Tompoko, tianao ve raha asainay ilatsahan'ny afo avy any an danitra izy ireo handevina azy?*" Raha ny fisainana maha olona dia mety hilaza isika ho mety tokoa izany, mendrika ny ho levona izay mandà sy tsy mandray an'Andriamanitra! Sao mbola misy ao amintsika ny valifaty, ny fiantsoana tody, ny fanozonana? Eto i Jesoa dia nitodika tamin'ireo mpianany ka nananatra azy mafy nilaza hoe: « *Tsy fantatrareo manko izay tokony ho fanahinareo. Ny Zanak'olona anie tsy tonga hamery ny olona fa hamonjy azy* ». Ny hamonjy sy ny hanavotra ny olona tokoa ny nahatongavan'i Jesoa. Ireo koa no tokony ho ao am-pon'izay manara-dia Azy. Ny mpianatr'i Jesoa dia tsy tokony ho kivy ny tsy fandraisana, ny fandroahana, ny tsy fihainoan'ny hafa. Tsy nanery na nandidy olona hanaraka Azy i Jesoa, tsy namaly faty na nanojona ihany koa. Ny tokony ho fanahintsika izany dia ny fananana faharetana fananana faharetana, fitiavara, famindrampo, tsy mamaly ny ratsy fa mamaly ny ratsy amin'ny tsara.

Eo anatrehan'izany rehetra izany dia tsara mahalala inona no tsy maintsy toetra hananana amin'ny fanarahan-dia an'i Jesoa...

Ny tapany faharoa amin'ny Evanjely dia mitantara ny momba ny fanarahana dia an'i Jesoa sy ny zavatra takin'izany. Olona telo tsy voatonona anarana no nihaona sy nangataka hanaraka an'i Jesoa. Manambara izany fa ny olon-drehetra mihitsy no antsoin'i Jesoa hanara-dia Azy. Ao am-pontsika ao koa dia misy faniriana lalina te hanara-dia Azy. Ampianarin'i Jesoa eto ny zavatra takina, ny toe-po sy ny toe-piainana tsy maintsy hananana amin'ny fanarahan-dia an'i Jesoa. Raha mbola teny an-dalana i Jesoa, nisy olona anankiray nilaza taminy hoe: "*Hanaraka Anao aho, na aiza na aiza alehanao*", fa hoy i Jesoa

taminy: *“Ny amboadia manan-davaka ary ny voro-manidina manana akany; fa ny Zanak’olona, tsy mba manana izay hampandriany ny lohany»*. Tsapan’ity olona ity fa ny fanarahana an’i Jesoa dia mahatonga ny fiainana ho toy ny mpivahiny, efa zava-dehibe izany. Fa misy zavatra tsy maintsy ho fantatra koa: tsy hoe ny fahantrana, na ny havizanana amin’ny dia ihany fa ny fahavononana amin’ny tsy fisiana sy ny tsy fahampiana. Ny fanarahana an’i Jesoa dia mitaky fandoazana ny zavatra ny tany, ny olona na ny tena, fa firaketana tanteraka Aminy kosa.

Hoy i Jesoa tamin’ny anankiray hafa hoe: *“Manaraha Ahy”*, dia hoy ny navalin’io:- *“Avelao aloha, Tompoko, handevina ny raiko aho”*, fa hoy i Jesoa taminy: *“Avelao ny maty handevina ny maty ao aminy, fa ianao kosa, mandehana mitory ny fanjakan’Andriamanitra”*. Tsy hoe manao tsinontsinona ny fandevenana ny maty i Jesoa, adidy tsy maintsy efaina izany, indrindra fa ny fandevenana ny ray aman-dreny. Ny tiany ambara eto dia ny hoe: tsy misy adidy mandraikitra lehibe noho ny fitoriana ny Fanjakan’Andriamanitra. Zava-dehibe ny fandevenana ny ray, kanefa mbola ambonimbony lavitra sy maika kokoa ny fanarahana an’i Jesoa sy ny fitoriana ny Vaovao Mahafaliny. Tiana asiana tsindrim-peo eto ny zava-baovao entin’i Jesoa: izay mifidy Azy dia mifidy ny fahavelomana mandrakizay

Olona iray hafa nanao tamin’i Jesoa hoe: *“Hanaraka Anao aho, Tompoko, fa aoka aloha hanao veloma ny ao an-tranoko”*, hoy i Jesoa taminy: *“Rehefa mety ho mpitana angadin’ombv miherika dia tsy sahaza ny Fanjakan’Andriamanitra”*. I Elia dia toa namela an’i Elizea hanao veloma ny fianakaviany. Eto kosa anefa dia hentitra dia hentitra i Jesoa, ny fanarahan-dia Azy tokoa mantsy dia lehibe lavitra noho ny fanarahan’ny mpaminany. Sarinteny momba ny asa tany no ampiasan’ i Jesoa eto, entiny hanambaràna fa tsara ny mijery sy manao avy hatrany ny asa miandry, fa tsy miherikerika na mijery ny lasa! Ilaina ny fahafoizana ny zavatra rehetra, anisan’izany ny fianakaviana.

Inona no tena dikan’ireo ohatra nomen’i Jesoa ireo ? Ny tian’i Jesoa ho tsapan’izay manaraka azy dia lzy no tsy maintsy lohalaharana ka amin’ny alalany sy miaraka Aminy ary ao Aminy no refy rehetra. Izy no ivon’ny fiainana sy eo anivon’ny fiainana....

Io no tian’i Paoly lazaina amin’ny vakiteny faharoa. Izay manara-dia an’i Jesoa tokoa hoy Md Paoly no tena olona afaka izany hoe afaka amin’izay mamatopatotra maro isan-karazany. I Jesoa no ohatra voalohany amin’izany fahafahana sy fanafahana izany. Manamafy izany i Md Paoly: *“Efa navotan’i Kristy ho amin’ny fahafahana isika ka mijoroa amin’izany, fa aza mety ampidirina amin’ireny jiojan’ny fanandevozana intsony”*. Ny jiojan’ny fanandevozana dia tsy inona fa ny fitarihan’ny filàn’ny nofo sy ny fanarahana azy, ny fanarahana be fahatany ny lalàna mifanohitra amin’ny Fanahy izany. Ampirisihana isika hanaiky ho taritin’io Fanahy io. Raha tarihin’ny Fanahy isika dia tsy mba ambanin’ny lalàna intsony. Ho an’i Md Paoly, ny fahafahana dia tsy azo sarahina amin’ny fitiavana, izay mahatonga ho olona afaka marina tokoa: Samia milatsa-tena amim-pitiavana ho mpanompon’ny namany avy. Ny fanompoana sy ny fitiavana no fototry ny hasambarana kristianina.

Ry Jesoa, tsy mitsahatra ianao no miantso olona hanohy ny asam-pamonjena ho mpaminany, ho vavolombelon’ny Vaovao Mahafaly. Ianao mahalala tsara fa mora voasariky ny fakam-panahy. Herezo izahay hanana fanapahan-kevitra hentitra tsy hiala amin’ny safidy fa hijoro mandrakariva ho fanasina sy fahazavana. Masina Maria Renin’ny Eglizy mivavahà mandrakariva ho an’ireo vonona hanara-dia ny zanakao mba ho vonona hahafoy tahaka

anao ka ho « eny » ny fiainan'izay vita batemy ahafahany koa ho Eglizy velona, velomin'ny Batemy miombona miara-dia mandray an-tanana ka zary tabernakla velona. Md Josefa, Ray Mpiaron'ny Eglizy niaro ny fianakaviana Masina ka matoky anao izahay hitantana anay hiroso amin'ny ezaka ataonay amin'izao sinaody izao. Amena

Mompera Arseveka Benjamin Ramaroson